# TONGOLO SY TONGOLO BOZAKA

## I-/ FILAZALAZANA ANKAPOENY

### I.1-/ Karazany

- Poireau : gros long d'été
- Perpentuel antillais

### I.2-/ Tany ilainy

- Tany masaka, lali-nofo, tsy mirendrika,
- Mandomando nefa tsy mihandro-drano

### I.3-/ Fotoam-pambolena

- Mety mandavan-taona
- Tsara : Mars – Juin
- Mety : Août – Septembre

### I.4-/ Fifandimbiasam-boly:

- Tsy tsara ho azy ny mandimby voly iray fianakaviana aminy(famille de liliacées)
- Tsy tsara koa ny ambolena azy eo amin'ny tany novolena tsako(katsaka) fa mety haindra ny aretina mpamely ny faka " Pyrenochaen terrestris "
- Tsara raha tany avy nisy Karaoty na Endive na épinard no ambolena azy

## II-/ TANIN-JANABOLY :

### II.1-/ Fanomanana ny tany

- Atao lalina
- Potehina madinika tsara ny bainga, alamina tsara ny tany

### II.2-/ Famafazana :

- Atao fafy paritaka, na manara-tsipika
- Elanelan'ny tsipika 10-15 sm
- Totofana tany manify(1sm) ny voa rehefa voafafy

### II.3-/ Fikarakarana :

- Tondrahana ara-dàlana
- Zezika amin'ny famafazana = N.P.K (15–5–20ka 40 kg/ara ampiana nitrate de potasse 20 kg/ara
- Avaina amin'ny tanana
- Mitsiry ny tongolo (poireau rehefa afaka 10–15andro aorian'ny famafazana azy

## III-/ FAMBOLENA

### III.1-/ Fanomanana ny tany :

- asaina lalina ny tany tapa-bolana mialoha fara faha haingany
- asiana zezika atao lafik'asa 15-20 T/Ha (compost na zezi-paahitra masaka tsara)
- potehina malemy tsara ny bainga ary alamina tsara ny tany

### III.2-/ Famindrana ny zana-boly

- Tondrahana adiny iray alohan'ny hamindrana azy ny zana-boly
- Tsy ongotana ny zana-boly rehefa afindra fa sorohina amin'ny angady na mampiasa fourche
- Ny zana-boly tsara sy matanjaka no ambolena
- Anapahana ny faka raha lava loatra
- fonosina fotaka ny faka(botillon)
- Atsatoka mahitsy tsara ny zana-boly ary alevina lalina ny fakany tsy hiforitra
- 8 à 12 zana-boly/m² - Elanelan'ny tsipika : 50 – 60 cm
- Tondrahana rano betsaka(arrosage au galot)

### III.3-/ Fikarakarana :

- Miava sy mihevo araka izay ilàna azy
- Tohofana tany ny fotony afaka 2 na 3 volana ary azo tohofana in-2
- Tondrahana ara-dalana(maraina na tolakandro)

### III.4-/ Zezika :

- Zezi-pahitra na compost 15 – 20T/Ha+P2O5 atao lafik'asa
- Asiana K2O sy Mg amin'ny fotoana anaovana ny fanohofana(buttage)

### III.5-/ Fiotazana :

- Azo tehirizina anaty sachet plastika maina tsara mandritra ny 1-2 volana ny tongolo
- Poireau : tehirizina mangatsiaka 0°C
- Ciboule : 4°C

## IV-/ FITSABOANA ARETINA SY FAMONOANA BIBIKELY

### *IV-1-a Teigne du poireau*

- Tondrahana Decis ny zana-boly hambolena

### *IV-1-b Alternariose(vokatry ny hamandoana be loatra*

- Tsy atao be tondraka loatra na hamainina ny tany(asiana tatatra manodidina)

### *IV-1-c Rouille du poireau*

- Fanajana ny fifandimbiasa-boly
- Masomboly tsara misy fanafody
- Ongotana ary doroina izay voly marary

**FANAMARIHANA :**

Azo ambolena eny anelanelan'ny voly toy ny ovy na voatabia,… ny tongolo noho izy zava-maniry mahery fofona ka mampandositra ny bibikely mpanimba ny voly sasany.